Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Ny nampitsaharan'i Jesoa ny tafio-drivotra

Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Janie Forest

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar

Nampifanarahin'i: Ruth Klassen

Tantara 48 amin'ny 60

www.M1914.org

Bible for Children, *PO Box 3, Winnipeg, MB R3C 2G1 Canada*

Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Malagasy



Raha mbola tao anaty sambokely i Jesoa sy ny mpianany dia indro nisy tafio-drivotra nitsoka mafy tampoka.



Nanonja be noho izany ny ranomasin'i Galilia. Mety hiteraka fahadoboana sy fahafatesana anaty rano mihintsy ny tafio-drivotra tahak'izany.

Natahotra noho izany ny mpianatra. Efa nihoatra ny sambokely ny hahavon'ny onja, ka efa saika difotry ny rano mihitsy ilay sambokely.

3

Fa Jesoa natory ka tsy naheno n'inona na inona. Natahotra ireo mpianatra ary namoha azy ka nanao hoe: Tompoko, Tompoko, vonjeo fa maty izahay!

4

"Fa maninona no matahotra ianareo ry olona kely finoana?" hoy Jesoa tamin'ny mpianany. Dia nitsangana Izy, ka noteneniny mafy ny rivotra sy ny ranomasina mba hangina ...

5

DIA TONGA TONY NY RIVOTRA ... SADY NILAMINA NY RANOMASINA. Talanjona ny mpianatra nahita izany ka nanao hoe: "Lehilahy iza loatra re Ity e? Fa na ny rivotra sy ny ranomasina aza manaiky Azy."



6

Tao aoriana kelin'io, nisy olona 5000 teo ho eo nanaraka an'i Jesoa tany amin'ny tany maina iray.

7

Noho ny herin'Andriamanitra dia afaka nanome sakafo ireo olona marobe ireo Jesoa, tamin'ny alalan'ny mofon'ny zazalahy kely iray. Rehefa hariva ny andro dia nalefan'I Jesoa nody ny olona.

8

Na ireo mpianatra koa aza dia tsy maintsy nandao azy. Nasain'i Jesoa niondrana mialoha an-tsambokely izy ireo, ary hiandry azy ery ampita.



9

Rehefa lasa izy rehetra dia namonjy toerana teny an-tendrombohitra Jesoa mba hivavaka. Tsy nisy olona afa-tsy izy irery teo amin'ilay toerana.

10

Teny ambony rano, tratran'ny tafio-drivotra indray ny sambokelin'ireo mpianatra. Tsy nety tafampita mihintsy izy ireo na dia efa ela aza no niainga.

11



Tsy fantatry ny mpianatra, fa hisy fahagagana lehibe miandry azy ireo.

12



Teo anelanelan'ny tamin'ny telo sy enina ora maraina teo ho eo, tao anatin'ny rivotra be, nahita zavatra nanatona azy ireo moramora ka nampitahotra azy ireto mpianatra.

13



"Matoatoa io" hoy izy ireo nihiaka. Hay Jesoa, ilay tamy nanatona azy ireo, NANDEHA TAMBONY RANO.

14

Hoy Jesoa taminy: "Aza matahotra, Izaho ihany ity!" Namaly azy Petera ka nanao hoe: "Tompoko, raha ianao marina tokoa io, asaivo manantona anao eny ambony rano aho", "Avia manatona" hoy Jesoa. Dia nivoaka ny sambokely i Petera ka tsy nisalasala nanatona an'I Jesoa.

15



Saingy vao hitany fa nihamafy ny rivotra, dia raiki-tahotra indrindra izy ary nanomboka nilentika. Nikikiaka mafy izy hoe: "Tompo, vonjeo aho".

16

Natolon'i Jesoa azy ny tanany, ary noraisiny izy ka hoy Izy taminy "Ry lehilahy kely finoana, nahoana no be fanahiana ianao?" Dia niondrana tao an-tsambokely izy ireo ary niaraka tamin'izay dia nitsahatra ny rivotra.



17

Nankalaza an'i Jesoa avokoa izy rehetra tao anaty sambokely noho izany ary niteny hoe: "Zanak'Andriamanitra marina tokoa ianao".

18

Ny nampitsaharan'i Jesoa ny tafio-drivotra

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Matio 8 sy 14; Marka 4; Lioka 8

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Fantatr'Andriamanitra fa nanao zavatra ratsy isika. Fahotana no iantsoany ireny. Ny vokatrin' ny fahotana dia fahafatesana.

Tena tian'Andriamanitra tokoa anefa isika, ka dia nalefany ny Zanany lahitokana, Jesoa, ho faty eo ambony hazofijaliana hisolo ny fahotantsika. Nitsangana tamin'ny maty i Jesoa ary niverina nankany am-Paradisa! Amin'izao anio izao Andriamanitra dia afaka mamela ny helontsika.

Raha te-hiala amin'ny fahotanao ianao, lazao amin'Andriamanitra hoe: Andriamanitra o! Mino aho fa maty noho ny amiko Jesoa ary velona Izy ankehitriny. Miangavy anao aho, midira ao amin'ny fiainako, ary mamela ahy noho ny otako rehetra mba hananako fiainana vaovao, sy hahafahako miaraka aminao mandrakariva. Ampio aho ho velona ho anao tahaka ny Zanakao.
Amena. Jaona 3:16